

Filoha Rajoelina

Naka rivotra, tsy miraharaha izay fahorim-bahoaka 2

# NY VALOSOA

Gazety miseho intelo isan-kerinandro  
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

VAOVAO

Alakamisy 25 Jolay 2019

Laharana 934

Vidiny : 400 Ar

Federasion'ny baolina kitra 6

Ny 24 aogositra no hatao any  
Ifaty Toliara ny fifidianana

[www.gvalosoa.com](http://www.gvalosoa.com)

[gvalosoa@yahoo.com](mailto:gvalosoa@yahoo.com)

facebook : gazety valosoa rakoto

Fitokanana Lalana Pr Zafy Albert 5

## Nanokatra lalana ho an'ny demokrasia sy ny fampihavanam-pirenena Lalao Ravalomanana sy ny CUA



ANTANANARIVO RENIVOHITRA 6

Tsy hijaly amin'ny tondradrano intsony ireo mponina eny amin'ny faritra iva



Fifidianana ben'ny tanàna 2

Hifanome tanana  
amin'ny TIM ny TMMR

Fahasalamana 6

Polisy vaovao miisa 1098  
nanome rà maimaimpoana

Fiarovana tontolo iainana 7

Ala honko iray tapitriza  
fototra no indray hovolena

Daka kely  
Toa saro-piterahana ndray lay  
governemantareeo ry Boaikely a !

Kaominina Mahajanga 3

Tokony hampidirina am-ponja ny  
ben'ny tanàna hoy ny sendikà



RAHARAHAM-PIRENENA

## Ny depiote IRD ihany no hamingana ny Filohany

**M**aro an'isa ao amin'ny Antenimieram-pirenena ny avy amin'ny fitondrana. Izao sahady anefa dia mangataka fira 4X4 tsy mataho-dalana, ny sasany ankoatra ny karama sy ny tambiny omena azy tsirairay, izay efa midangana be. Efa mantedha koa ankehitriny ny kajikajy politika any ambadimbadika any , izay

Fiainam-pirenena

## Potehin'ny fitohanana ny fiainam-bahoaka

Fomba fiteny iray ilazana fombam-piaianana eto Madagasikara sy ny firenena ny hoe "Moramora". Tsy mirotoroto ny fombam-piaianana fa mantedha moramora. Tsy fombam-piaianan'ny Malagasy ny mihazakazaka sy mirotoroto, fa milamina hatrany. "Aleo midan-ko reniny", hoy izy. Anisany nampiavaka ny Malagasy izany amin'ny fireneneka, indrindra ireo firenena europeana izay mihazakaza-dava isan'andro ny fiaianin. Tsy misy maharatsy ny mihazakazaka toe azy ireo raha misy fiantraikany eo amin'ny fampandrosoana ny firenena izany. Ny fombam-piaiansika io ko anefa tsy hoe ratsy fa misy mahatsara azy ihanay koa. Tsy hivalamparantsika eto aloha ny amin'izay, fa ny horeshina dia ny fiaianana andavan-

hisian'ny fingampingana madinidinika. Mbola ady seza sy tombontsoa avoko no mahatonga izay. Mangy fotsiny ny fanaratsiana ireo mpikambana ao amin'ny Government ary mifanipaka toy ny valala an-karona izy rehetra. Ao ny sasany manao sotrobe lavatango ary tsy manankata hafa-tsy ny mitatibola any amin'ny lehibe.

Mifamingana ara-bakteny hoy ny fitenenana. Ny hifafarany dia tsy mantsy hisy fiantraikany any amin'ny filoham-pirenena raha iza no mitohy. Soa ihany fa nahay naka fanapanah-kevitra ny TIM ka lasa antoko mpanohitra, mba tsy hifangaro amin'ny hafa. Arofanina ihany koa no ijoroany ary amin'izay fo-toana izay dia tsy ahaf-

han'ny IRD hanaotao fona na hanao didikofehy lehibe rehefa handany lalana, laraha-mahita tokoa fa ireo Solombavambahoaka mpomba ny fitondrana dia olona mpanadika palitao no betsaka ao. Mpanara-dreniarano fotsiny fa tsy hijery izay mahasoa ny vahoaka izany.

Rajaonarimpanontsana

dron'ny mponina ankehitriny indrindra eto andrenivohipatra sy ny manodidina amin'izao fotoana izao. Maro ny zavatra misongadina zary sakana eo amin'ny fiaiany, fa ny iray lehibe singanina, dia ny fitohanana lavareny isan'andro. "Lany andro eny ambony fiafia fitateram-bahoaka ny Malagasy", hoy ilay lehilahy iray izay. Very fotoana amin'ny resaka fitohanana izy. Dia iara-ha-mahita ny fitohanana be etsy sy erao isan'andro amin'ireo arabe na lalana eto an-drenivohipatra sy indrindra ireo mihazo ny lalam-pirenena rehetra eto mivoaka an'Antananarivo. Antony iray lehibe amin'izany ny fia-novan-dalana izay namampy trotraka amin'ny fahsimbana na ny fahateren'ireo lalana ireo. Mandany andro sy foto-

ana ny vahoaka ny fitohanana ary manimba azy. Tsy hisy afaka handa, fa misy fiantraikany eo amin'ny fiariana ataony izany, ary mipaka hatrany amin'ny kitapom-bolany sy ny ati-vilaniny. Moa sahy hisy hilaza, fa nahi-ta tombontsoa amin'izao fitohanana tsy misy fitsaharany izao? Sarotra ny hino ny amin'ny hisian'izany, fa olana iraisana io, olam-bahoaka io. Mahalasa saina ihany anefa ny mahita ny fihetsik'ireo orinasa mpanamboatra lalana sy ireo olona ampiasainy, ary oo anatin'izay ny fitondram-panjakan. Ho an'ny maro mantsy die toe laalavina ilay asa n'inona n'inona hambara. Nahoana, hoy izy ireo, no tsy ampiasaina ny herin-tsandry marobe tsy an'asa eto amin'ny fiterenena? Inona no kajy ao ambadik'izao asa mihi-

satra izao? Moa tsy hamakiana loha ny fiaianam-bahoaka sy ny fiariany, faavelo izy hiharitra eo aloha? Marina, ilaina ny lalana vita tsara, ary ilaina ny famanboarana azy amin'izao fotoana izao. Ny hita kosa anefa dia atao tian-kano tsy tiankano ny fanatanterehana ny asa amin'ireo lalam-pirenena maro. Ary ham-tramin'ny mpananatra sy ny fianaranvoatohintohina be ihany. Ny fitortoana hamonjy flanarana noho ny fotoana very teny ambony taxibe vokatry ny fitohanana, sy ny saina hiatrika ny fampianaran. Toa zary anaovana ambandy maso tsy hita fotsiny izao izany rehetra izany. Vahoaka Malagasy very andro any anaty amboteazy no zava-misy ankehitriny.

Sôh'son

Fifidianana

## Mbola hitohy ny fampidirana am-ponja mpiasan'ny CENI manao ny tsy mety

Nanao tatity ny fidianana solombavambahoaka farany teo ny CENI, notarihan'ny filohany Henry Rakotomanana. Nambaran'ny filohany ny CENI tamrin'izany fa na dia teo aza ny fahasarotana isan-tokony, izay nianan'ny CENI, dia vita hatreto, ny fihodinana voalohany sy faharoa, tamn'ny fidianana filoham-pirenena, vita ihany koa izao, ny fidianana Solombavambahoaka. Ankehitriny hoy izy dia manana filoham-pirenena lanim-bahoaka isika, ta-fapetraka ihany koa ny Antenimieram-pirenena, ary indrindra manana fiterenena milamina isika. Afaka miandranda fandrosana, ad anatin'izany filaminana izany, mba hanatsara ny isan'andron'ny Malagasy. Heno ny CENI hoy izy ny fanakianana etsy sy erao, manodidina ny zotram-pidianana eto Madagasikara ary eo anatrehan'izany, dia miezaka hantrany manarina izay azo

harenina izahay. Manodidina amin'ny teboka roa, no tena mifototra ny fanakianana:  
1- Ny flandaniana, taratra eny anivon'ny rantsamangaikan'ny CENI santsasany.  
2- Manodidina ny lisi-pidianana. Mikasika ny flandaniana, sy izay rehetra fanodinkodinana, hanovana ny fahamarinam-pidianana eny ifotony, dia efa nandray ny andraikiny ny CENI folbe, ary mbola handray ny andraikiny. Voalohany, aoka isika hiaraha-panaika, fa sambanya tamn'ny tantaran'ny fikarakarana fidianana eto Madagasikara, no nisy olona niditra amponja teo amin'ny fanaovana tsy mety tamn'ny fanodinkodinana ny fahamarinana, ary mbola hitohy izany, satria mbo-la eo am-panaovana fahotorana ny CENI. Manaraka izany, betsaka ihany koa ireo mpikambana, any amin'ny rantsamangaika, no nisaorana,

satria nahitan-tsortra fiambakavakana na fian-daniana, teo am-panato-ntosana ny andraikiny. Etsy ankilan'izany, manodidina ny lisi-pidianana, dia maro lafy ny fanakianana izay misy, mikasika ireo olona milaza fa tsy tafiditra tao anaty lisitra, tamn'ny fitsapan-kevi-bahoaka fany teo, kanefa tao anatin'ny tamn'ny fidianana filoham-pirenena. Rehefa natao ny fanadihadina mikasika izany, dia tsapa fa tsy niala tao anaty lisi-pidianana ireo olona ireo, fa novaina kosa ny biraom-pidianana, satria tao aorian'ny fanavaozana farany, dia nitombo ny isan'ny mpifidy, ka izay biraom-pidianana nihaotra ny 700, dia voatery, novakana araka ny voalazan'ny lalana. Tsy ampy ny fampahafantarana izany ny mpifidy, dia izay no niteraka fifejlevona, tamn'ny biraom-pidianana sasantsasany. Manamrina izany ny CENI amin'

izao fotoana izao, ahafantaran'ny be sy ny maro ny biraom-pidianana misy azy, amin'ny fidianana manaraka. Ny tiana hisarhana ny sain'ny dolobole hoy ny filohany ny CENI dia ny filazana, fa raharaha maka-diry ny raharaha-pidianana, ary miasa an-dro aman'alina ny CENI, mba hanafahana miatrika izany adidy goavana izany. Ekena ny fanakianana fanatsarana, fa toheriny kosa ny fanakianana mifono hevitra politika. Am-pirahalahiana sy am-pi-havanana tanteraka no hijoroako amin'ny mahafilohany CENI ny tenako, hilazako fa raha tena tia tanindrazana isika, raha tena mijery ny mahasoa ny vahoaka isika, aoka hijanonana ny kajikajy, mamahana ny tombontsoa manokana, fa aoka isika hiarahibanjina ny hiverenan'ny hambom-pirenena, sy ny fampandrosoana an'i Madagasikara.

Nangonin'Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

## Filoha Rajoelina Naka rivotra, tsy miraharaha izay fahorim-bahoaka

Ao anatin'ny fahasahiranana tanteraka ny vahoaka Malagasy, mbola mahita aleha any ivelany ny filoham-pirenena Andry Rajoelina. Fakan-drivotra matetika no vita raha tanisaina ny fivoahany mankany an-dafin'ny riaka. Ny farany teo dia tatsy amin'ny Nosy Maoris, nanatrika ny fanokafana ny lalaon'ny Nosy ity filohan'ny mpanongam-panjakanana ity. Tsy misy maharatsy izany, fa zavatra tokony ho vitan'ny ministry ny tanora sy ny fanta-tjanahantena ny fanatrehana izany. Nambarany fa hiaro ny handraisan'i Madagasikara ny lalaon'ny Nosy amin'ny fotoana ho avy no anisanj'ny nan-dehanany tany. Fandraisana ny lalaon'ny Nosy ve no maika, sa ny ady amin'ny fahantram-bahoaka? Raha dinihana ny zava-misy dia sahala amin'ny tsy misy filoha i Madagasikara fa dia tsy mantsy mangataka any amin'ny firenena any ivelany hantrany. Milokaloka foana anefa ny Filoha Andry Rajoelina sy ny fitondrana tarihany, fa raha mbola ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena ireo no iankinan-doha dia tsy ho afa-trosa mihiotsy ny Malagasy. Ankehitriny anefa dia mandohalika amin'ireo Banky any ivelany sy ireo firenena matanaka ny filoham-pirenena. Izay ihany no mitsipaka ny teny nambarany. Izay no antondiany mivoaka an'i Madagasikara, ankoatra ny fakan-drivotra . Marina fa manan-jo amin'izany ny tenany fa tsy mety kosa raha ny volam-bahoaka no atao tanteley afa-drakotta, noho ny tombontsoa manokana. Rehefa mivoaka tahaka izao ny filoham-pirenena dia vola be no mivoaka amin'ny kitapom-bolam-panjakanana , tsy tahaka ny olon-tsotra. Raha atao ny kajikajy dia saika isan-kerinandro izany fandehanana any ivelany izany. Ny raharaha-pirenena eto an-toerana mitarazoka , hany ka sahiran-tsaina ny tsirairay mitady izay harapaka. Mitrongy vao homana, hoy ny fiteny izay. Ny olobe lasa maka rivatra sy mitsotsotra soa aman-tsara. Tsy atao mahagaga raha tratra aoriana foana isika eo amin'ny lafiny fampandrosoana.

Rajaonarimpanontsana

Fifidianana ben'ny tanàna

## Hifanome tanana amin'ny

### TIM ny TMMR

Hifanome tanana amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ny TMMR na ny Tanora Manohana an'i Marc Ravalomanana amin'ny fidianana ben'ny tanàna ho avy eto amintsika. Ankoatra izany, ho fanozhana ny fana-pariahana ny TMMR amin'ny faritra rehetra eto amin'ny fiterenena ; ny TMMR nasioly sy ny biraom-pi-lantana manontolo dia tarihan'i ANDRIAMI-HANTASOA Mahombiniaina. Tsiry Malatadiana, mo-nina ao Ambohipiadanana Antsahabe BONGA-TASARA faritra Analamanga . Manana ny fahefana feno izy ary mitovy lanja amin'ny "président régional", na filoham-paritra. Afaka mifandray aminy araka izany izay manam-paniriana sy liana hanatevin-daharana ny TMMR . Izao no natao araka ny nambary dia fiomanana sy ho ffanomezan-tanana amin'ny TIM amin'ny fidianana Ben'ny tanàna ho avy tsy ho elia ary famanafisana ny fahonanana ny Filoha Marc RAVALOMANANA.



Tsiry avy amin'ny TMMR.

Isambilo

## Ny Valosoa sy hadihady

**Gouvernemanta : tsy misy ny isa roa raha  
tsy misy ny telo**

Taorian'ny fihetsiketsehana notarian'ireo solombavambahoaka 73 teo aloha, ny volana aprily 2018 dia tsy ho tonga teo amin'ny toeran'ny Praiministra i Ntsay Christiana. Niaraha-nahalala fa tsy nisy nahafantatra ireo solombavambahoaka na Mapar, na Tim na tsy miankina hoe izao no nanolotra ny anaranan tamin'ny filohan'ny Republika tamin'izany fotoana izany. Samy nanantena ireo mpitarika ny hetsika fa iray amin'izy ireo no ho teo amin'izany toerana izany. Fantatra anefia taty ariana fa i Rajoelina Andry no nanolotra azy ka dia nititra tao amin'ny governemanta avokoa ireo lohdohan'ny mpisorona Izany governemanta Ntsay izany no nananteraka ny fididianana filoham-pirenena ny volana desambra 2018. Na dia nisy amanjatony aza ny fitoriana sy fitarainana momba ny tsy fahatomobanana ny hala-bato sy ny hosoka tamin'ny fididianana iny dia namoaka idy "tsy azo lavozana" ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa lany ny filohan'ny Republika IV ankehitriny. Ihy vokapidianana nivoaka ny no nampalaza ilay fitenenana: "azo raisina fa tsy mitombina". Mazava ho azy fa notendren-dRajoelina Andry ho praiministra indray Ntsay Christian ary dia mbola izy ihany no nanomana ny fididianana solombavambahoaka ny volana mey lasa teo. Tsy nisy niova ihany koa ny mpikambana ao amin'ny Vaoimeram-pirenena mahaleotena misahana ny fididianana (CENI). Lasa ny "zato andro" indroa fa tsy nisy fivoarana ny flainam-pirenena ary vao mainka mikorosy fahana ny fiaianan'ny Malagasy. Nahazo vahana sy niha-mafy ny kolikoly sy ny tsy fandriampahalemana, manginy fotsiny ny ady tany manerana ny Nosy. Niroso tamin'ny fididianana ary nokitihana ny lisity ny mpifidy kanefa raha fanatsarana no nandrasana dia ny nifanohitra tamin'izany no nitrange. Tsy tambo isaina intsony ny fandikan-dalana nataon'ireo kandidam-panjakana (IRD). Nialky izany avokoa ny rehetra ary na ny Vaoimeram-pirenena mahaleotena misahana ny fididianana aza dia niaiky izany. Na teo aza ny fitoriana efa nananika ny fitonjato dia mbola nahazo toerana va-

lopolo mahery ao amin'ny Antenimieram-pirenena ny "isika rehetra miaraka amin'i Andry Rajoelina" dia "azo raisina ny fitoriana fa tsy ampy ny porofo" hoy indray ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Ny nahagaga ny mpandinika dia ny ampitson'ny namoahana ny voka-pifidianana dia niantso mpanao gazety ny roapolo tamin'ireo telopolo mahery nirotsaka tamin'ny anaran'ny tenenany na tsy miankina fa manohana ny fitondrana. Azo lazaina fa namitaka ireo mpifidy azy ireto "solombavambahoaka" ireto satria azo antoka fa matoa nifydy azy ireo ny vahoaka tany amin'ny fari-pifidianana nirot-sahany dia noho izy ireo tsy miankina izay. Tsy azo izovalozana hatrany ny didy avoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ka dia ivory tsy arapotoana ny solombavam-bahoaka ka ny fanolorana anarana ho praiministra no laharapamehena. Na izany na tsy izany dia nialky ny filohan'ny Antenimieram-pirenena voavao, Razanamahasoa Christine, fa tsy voafidy ara-drariny (légitime) ny solombavambahoaka satria tsy nisy nihoatry ny etapolo isan-jato ny mpifidy nandatsa-bato ho azy ireo. Tsy nanaitra intsony satria nanaraka ny lojika politika ny mbola narendren'i Rajoelina Andry an'i Ntsay Christian ho praiministra indray. Tsy azo ovaina ny ekipa mandresy: izy no teo amin'io toerana io ka nahalany an'i Andry Rajoelina, mbola izy koa no nahazoan'ny IRD toerana valopolo mahery ka lojika politika ihany koa ny mahatavferina azy. Ny zava-nisy anefia dia mbo-la variana amin'ny lalao iraisam-pirenena andrainan'ny mpikatroka malagasy ny filohan'ny Republika, ka nitarazoka ny fanendrena ireo mpikambana ao amin'ny governemanta voavao. Tsy maharotra tsy vahoaka malagasy koa izany satria raharaha "politika" ary efa mivernina amin'ny andavanandromplainana ny rehetra ka efa nivalona ho tantara ny hetsika fanoherana ny voka-pifidianana sy ilay horakora-pifaliana tamin'ny fiverenan'ny Barea avy atsy Egypta. Araka izany dia "miandy fa gasy" ary samy ho rendriky ny torimason'ny adim-piaianana indray.

Andry Tsilavalona

Rain'ny demokrasia sy ny fampihavanam-pirenena

**Ny tantaran'ny Profesora Zafy Albert**

Anisan'treiro ray amandreny nandrafitra ny tantaran'i Madagasikara tato analin'ny 50 taona farany ny filoha Pr ZAFY Albert. Na teo amin'ny tontolo politika na ny atra-piara-harmonia fa indrindra ny sehatry ny fitsaboa. Ny taona 1972 no nifirany voalohany teo amin'ny sehatra politika rehefa notendren'i Jeneral Gabriel Ramanantsoa ho minisitsy ny fahasalamana sy ny raharaha sosialy nandritra ny fitondrana telezamita ny taona 1972, ka hatramin'ny taona 1975. Taorian'ny namoana ny kolonely Richard RATSIMANDRAVA izay nadimby ny jeneral RAMANATSOA dia ny Capitaine de corvette Didier RATSIRAKA no nanchy ny fitantanana ny tetezamita ary nitondra ny fotokevitra "revolutionna sosialista". Tsy nety tamin'ny Pr Zafy Albert ny fanovana nentin-dRatsiraka Didier, ka niala tsy ho ministra izy, azy niverina tamin'ny asa maha mpitsabo azy. Tsy nijanona halreto anefia ny tantara politikan'i Profesora fa nanangana ny antoko UNDD (Union Nationale pour la Démocratie et le Développement). Rehefa namela malalaka ny fahasamihafa ara-potokevitra politika ny filoha DIDIER RATIRAKA. Taorian'ny krizi politika ny 1991 dia naha ny marimaritra iraisana ireo antoko politika nijoro, ka nanangana fitondrana tetezamita, ny Pr Zafy no notendrena Filohan'ny fahefam-panjakana ambiony nanomboka ny taona 1993. Niala tamin'ny toerany ny taona 1996 rehefa notispahan'ny Antenimieram-pirenena. Torian'izay dia nirotsaka ho fidiana filohan-pirenena tamin'ny 1997 ny Pr ZAFY ka nivoaka laharana faha 2 taorian'ny Amiralier Didier RATSIRAKA. Taorian'io dia tsy nitsahatra ny nitondra fanehoankevitra ny Pr ZAFY ALBERT nandritra ireo disadisa politika nitrantra teo amin'ny firenena. Ary nitoy hatrany ny fampihavanam-pirenena, raha ny fanazavana nentin'ny solontenan'ny fianakaviana, Serge Zafimahova. Ankotra ny maha mpanao politika azy dia fantadaza maneran-tany teo amin'ny tontolo ny fitsaboa ny Pr ZAFY ALBERT. Nandalina fahalalana tao amin'ny fakioliten'i Médecine Universit'Antananarivo sy tany ivelany ary mitondra ny laharana Professeur émmerle. Ary manana ny mari-pahaizana licence amin'ny taranja Mathémétique ihany koa. Nanana fijery lavitra ny Pr ZAFY Albert teo amin'ny fanaovana politika. Anisan'ny nimatimesany ny hisian'ny fampihavanam-pirenena. Ny taona 2002 no nanombohany nitoy izany nandritra ny fitadiavambahaolana noho ny krizi politika nampifanandrina ny filoha mirahalahy Didier RATSIRAKA sy Marc RAVALOMANANA. Dia mbola novisavisainy nandritra ny fahaonana tany MAPUTO sy ADDIS ABEBEA nentina nandaminana ny disadisa politika feo amin'ny Filoha Marc RAVALOMANANA sy ny ny fitondrana tetezamita notarian'ny Filoha Andry RAOELEINA. Raha natao fihomehezana ihany izany tany aloha dia ankehitriny nanangana Andrimpanjakana manokana nampisalorana ny anarana Komitien'i Fampihavanam-pirenena, araka ny voarakitra ao amin'ny Lalàm-panorenana ny Republika faha 4.

Stefan

**TETIKASA TANAMASOANDRO****Manome vahana vahiny, mamono ny Malagasy tompon-tany**

Mipetraka ho baraingo hatrany tamin'ny malakasika ilay tananae vaovao antisoina hoe « Tanamasoandro » vao haorina . Baraingo satra hay misy ambadika ny fanamboarana azy io. Rehefa tena zohiana ny raharaha dia hatao fakana ny tanin'clona fotsiny izy ity any ireo olona ambony ao amin'ny fitondrana no mahazo tombony, dia homena ny vahiny izany tany izany azy eo, ireo vahiny

no voalaza fa hanangan-javatra amin'ny tanin'ny Malagasy. Izany hoe : homena vahana ny Malagasy tompon-tany. Rehibebena amin'ny Maquettes isan-karazany ny vahoaka dia roboka avokoa sodokan'ny fampisehoana etsy sy eroa. Ny orin'asa hanao ny asa koa mbola tsy misy mahalala fa afenina satria iray tanaka amin'ny fitondrana koa no mbola

ao ambadika dia vahiny araka ny voalaza. Aferafera daholo izany rehetra izany , toy ny mahazatra ary volabe no mihodina ao anatin'izany . Rehefa vita ilay Tanamasoandro dia izy amin'ny Malagasy tsy mandady harona no hisitraka izany ? Mety ho takatry ny faheta-mividin'ny mponina ve izany ? laraha-mahafantatra ny fahasahiranany vahoaka ny hanina anio tadiavina anio.

Ny mponina any lavitra rehetra any ve afaka ny hipetraka amin'ny tananae vaovao? Tsiai avy hatrany ny valiny. Izany hoe, efa misy sahady ny tsy fitoviana eo amin'ny samy Malagasy. Ao ny mipetraka amin'ny trano lehibe sy tsara. Ao ny zara raha mahita hisitrhana. Hahita ny anjara masoandro amin'lay Tanamasoandro toko dia ny Malagasy?

Rajaonarimpanontsana

Kaominina Mahajanga

**Tokony hampidirina am-ponja ny ben'ny tanana hoy ny sendikà**

Misy ny fanambarana ayw amin'ny sendikany'ny mpiasan'ny Kaominina Mahajanga. Matahotra ny fisamborana saika ho ataoan'ny polisy eny amin'ny commissariat central ny polisy ny Mahajanga ny ben'ny tananae ao amin'ny kaominina Ambanivohipira Mahajanga voalohany Mokthar Salim , ka namaly ny antso faha 4 nataon'ny polisy eny amin'ny COMMISSAIRE Central Mahajanga . Toy izao ny fipetraky ny raharaha

Nisy ST N° 55/ PR/CC/19 du 08 mai 2019 navoakan'ny fitsarana ambaratonga voalohany MAHAJANGA nankeny amin'ny commissaire central mba hampanao fandahadiana io ben'ny tanana MAPAR io ary hanao ny deférement , satria FANDIKAN-DALANA GOA-

VANA no nataony teo anatrehan'ny mpilasa 20 eo ho eo , izany hoe : FANOHERANA DIDIM-PITSARANA RAIKITERA AVY AMIN'NY CONSEIL D'ETAT DE LA COUR SUPREME ANTANANARIVO IZAY EFA MISY SIGNIFICATION COMMENDEMENT DE HUSSIER DE JUSTICE no nataony . Misy mesure Abusive noraisin'ANDRIATOMANGA Mokthar Salim teo anatrehan'ny mpilasa , ka nahazo rahany tany amin'ny conseil d'Etat de la cour suprême ireo mpilasa ireo . Tokony handa vola 400 000 000 frmg. io ben'ny tanana MAPAR io saingy toheriny ny Grosses rehetra izay tonga eny aminy no nasertry . Manaltra ny sainny MINISTRY NY FITSARANA NY MPIASA MPI-

TORY fa araka ny henon-dry zareo tony amin'ny polisy dia misy mpitsara ao amin'ny tribunal de 1 er Instance Mahajanga toa tsy manalixy ny hanavaovana déférément ny ben'ny tanana Mapar elo Mahajanga I , fa dossier no alefa eny amin'ny PARQUET MAHAJANGA . Misrika ny sainny Ministry ny fitsarana ny VICTIME ny hoe fandikan-dalana goavana tahaka izany ve no tsy nisy déférément ? Tokony ho amin'ity semainae du 22 à 26 juillet ny déférément .

Ngafahafantaranay mantasy dia tokony hidrata amponja ny olona manohitra grosse . Ny sendikany'ny mpiasan'ny kaominina Ambanivohipira Mahajanga tel 0348921023

Nangonin'i Helisoa

**TONONKALO  
DEPIOTE HIFAMPIARO ?**

Depiote hifampiaro , izany indray no tarigetra ?  
Sao dia misy teti-dratsy na koa hevitra voretra izay ketrehina sahady dieny aty am-piandohana . Hanavotana ny ratsy mbola amy am-pigadrana ?

Depiote hifampiaro, izany indray no tarigetra ?  
Dia hiaraka hirona, hampanoresy ny amboletra ?  
Mba ny tsara no iombony sy arovy tsy hivena  
Faza dia mietry lava ho depiote mpivarotena !

Depiote hifampiaro ? Angaha tsy efa izany hatrany ?  
(ireo mpamerin-taona ange no tena havanana amin'izany !)

Sao hadino ny tantara na niniana nohadinoina .  
Moa tsy vola hatrany hatrany ny anareo no notompolina ?

Depiote hifampiaro ? Amin'ny inona kanefa ?  
Aminao indrindra izany no mipaka sy miantefia ,  
Dia ianao natao ho lohany sy noheverina ho modely .  
Saingy mahalasa saina fa tsy izany velively !

DADAN'I ZINA (20-07-19)

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Heliosoa

Ny lanonana fitokanana ny lalana Pr Zafy Albert teny Ivandry omaly.



## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy anana** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha haisiana lasary karaoty na voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tomponko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba famonoana vitsika maro

Fikafika hamonoana vitsika indray no Mahasoa etc amin'ny gazetinao androany. Zavatra llaina:

- vinaigre blanc : atao amin'ny épouge dia apetraka eo amin'ny toerana andalovany na afangaro ny vinaigre sy poivre dia araraka amin'izay misy vitsika sy eo amin'ny lavaka izay ivoahany.
- ny tsaoka(la craie) vovony,
- ny tain-kafe,
- ranona voasary makirana,
- sira vaingany,
- vovona canella,
- hasina tongolo gasy,
- eau de javel,

Samy araraka amin'izay toerana misy vitsika daholo ireo. Raha toa anefa ka tsy te-hampiasa ireo dia afaka mampiasa famonoana bibilkey (insecticide) saingy tsy dia tsara raha misy zaza no mampiasa insecticide.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Mahabo any amin'ny faritra Menabe

Ny tanànan'i Mahabo any amin'ny faritra Menabe indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity. Somary iva toerana ihany ity tanàna ity satra 130 m ny haavony mihatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny ranon'i Dabarà izany tanàna izany, izay manondraka velaran-tany maro amin'ny faritra iny. Vokatra any ny vary, miompy omby koa ny mpohnina. Faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana any any an-toerana.



## NY TENY FIAINANA



Ary tsy handratra na hanimba eran'ny tendrombohitro masina izy; fa ny tany ho henika ny fahalalana an'i Jehovah, tahaka ny anaronan'ny rano ny fanambanin'ny ranomasina.

Isaia 11:9

facebook

NY VALOSOA

GOUVERNEMENT NATIONAL - RÉPUBLIQUE DE MADAGASCAR

## Nahoana no 4x4 tsy mataho-dalana no hangatahina fa tsy ny fanamboarana ilay lalana ratsy?



**Dady Kool:** lasa saina amin' ireto depiove vaovao ny tenako, nahoana moa ny 4x4 tsy mataho-dalana avy hatrany no angatahan'izy ireo, fa maninona raha ilay lalana ratsy aloha no amboarina. Tena marina fa raha ny vidina 4x4, solika, entretien, assurance no hanamboarana lalana sy Epp, betsaka ny ho vita amin'izany. Sady ireo depiove ireo efa mpanakarena mahavidy 4x4 avokoa ka tsy tokony hila izany intsy.

**Solofo Rakotoharimalala:** sady atao ny lalana no omena fitaoval-piasana ny solombavambahoaka !

**Sata Esperat Rakotomalala:** reo wa tss fitiava-tanindrazaana zany f fitiava-pahefana s fitiavantena no lehibe indindr.

**Alliciane Lock:** tena marn io . amboary ny lalanay azafady ohhh!

**Federico Botra:** sao de mba efa contrat ndrelo io e . Fa isika vahoaka mimenomenona be fahatany . Nanohana azy ny majorité an'ireo député reo.

**Serge Nirina Randriamanasoa:** marina koa zany. Tena mila fanamboarana lalana route nationale jiaby....

**Yen Sol Hylli:** tena diso marina b茅 mihitsy , izay no tsy takatry ny maro anisa ato.

**Randria HaryOny:** tsy takatry ny sainy député oel!

**Lia Jul Rasoloarjaona:** tonga dia helico mihitsy omena azy dia sady tsy mahita lalana ratsy no tsy misedra embouteillage, hihihiliii!

**Zoky Elec Tron EEngineer:** ka ny lalana ho an'ny vahoaka, de ny 4x4 ho ahy manokana ko. (hay moa za tsy député).

**Ulrich Henri Ralaisolo:** OMEO 4x4 NY DEPUTÉ, fitaovana ilainy ho entiny miasa izany.

**Malala Inaly:** mais c'est une très bonne question!! Ny tena mety hamboarina ny lalana dia homena fitaovana hiasany toy ny 4x4 ny député, bisikileta ve no ndeha hoentiny hitety faritra ?

**Sarahe T'lah:** ah oui!!!!!! Fa na izany aza, tena tia tena ireo olom-boafidly ireo, aiza koa tombontsoa sahady no takiany, ny Présidente koa niteny hoe hahay hifampiaro isika depiove, hifam-

piaro amin'ny ratsy izany !!!

**Onja Zolalaina Rakotoarimalala:** eny wa amin'izay afaka mandeha na bisikileta ary ry bitaka.

**Anja Andriamamonjy:** bonne question, inona tokoa izany no handehanan'ny député mitety ny distrika nahavoafidy azy.

**Solofoniaina Rabearisoa:** tsara fipetraka ilay fanontaniana? Tia ten any olom-boafidintsa.

**Mihajahery Angelico:** tsy iadian-kevitra fa tena marina mila hamboarina ny lalana, ny depiove efa manan-kanrena tokony hahavidy sy efa manana 4x4 izy ireo.

**Holinat Sweets:** entièrement d'accord, tena mankasitraka an'izany, amboary ny lalana hoy i Dada sy ny TIM.

**Rasoamandefitra Ernestine Rasoa-mandefitra:** rah mb nis hevitra ohatr izay hatramin izay nis mpitondra d lasa lavitra gasikara!!! Zao anef fanafarana vary atao mora no asesika f tsy ny fampitomboana ny teknika hamokaram-bary. Tena filoha tsy manana vina amin'ny fampandrosoana mihtisy ilay Andry Rajaelina.

**Philippe Jean Claude Rakotonirina:** salama Daholy ooooo ra za Lo dia bisikileta tout terrain no omeko an'ireo, ilay ambasadooro norvegiana teto amintsika aza bisikileta foana no nentiny niveizevy teto.

**Pirlo Ezekela:** satria mapar ird tgv no maro ka ts miraharah zay lalana any nga io azo hohanina, izay no hiadivandree 4x4.

**Andrianoro M Raharison:** chef de service any am distrika aza omen'ny fanjakana 4x4 de député andrim panjakana vé tsy banana? Omena izy fa atao plak rouge de NY distrika no mikarakara azy de tsy atao irony 4x4 lafividy sy tendakanina ireny fa atao karreny, Suzuki Jimny, niva....

**Arlain Ratovo:** tena marina, homeo 4x4 izy ireo, fa Karenjo ny homena azy, izany dia manandratra koa ny vita Malagasy.

**Jenny Ramisarisoa:** amboary ny lalana, izay no laharam-pahamehana, afaka mifamezivezy amin'izay ny Malagasy rehetra, 4x4, tokony hahavidy izany ireo depiove matoa nirotsaka hofidiana.

## FANOKATRA LALANA PR ZAFY ALBERT

## Nanokatra lalana ho an'ny demokrasia sy ny fampihavanam-pirenena Lalao Ravalomanana sy ny CUA

Lanona tsotra, nefana nanan-kaja ny fitokanana ny lalana Profesora Zafy Albert mirefy 700 metatra ny Alarobia- Ivandry Omaly . Nitarika ny lanona tamin'izany ny ben'ny tanan'an'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana sy ny filan-kevitry ny tanan'an'Antananarivo, notarihin'ny filohany kolonely Faustin Andriambahoaka. Nano-me voninahitra ny fotoana ireo andrim-panjakana misy eto amin'ny tany sy ny fanjakana: ny filohany Antenimerandoholona Rivo Rakotovao , ny filohany HCC Jean Eric Rakotoarisoa , ny ministry ny attany Tiana Razafimahefa nisolotena ny governemanta ary ny solontenan'ny filohany Antenimeram-pirenena ny kestora faha 3 Mamy Rabeniriana. Fotoambavaka lehibe no nanombohana ny fotoana , ka ny Arsevekan'Antananarivo, Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona mihintsy no nitarika ny lamesa tamin'izany. Amin'ny maha olomanga ny Profesora Zafy Albert, noho ny renivohitri Madagasikara soa lombanan'ny Malagasy, dia tsy nisalasala ny kaominina Antananarivo Renivohitra hoy ny ben'ny tanana Lalao Ravalomanana nanaiky ny fangatahan'ny fianakavian'i Profesora Zafy Albert sy ny CRN ny hitondrana ny lalana Profesora Zafy Albert ao Ivandry- Alarobia. Olomangam-pirenena ny filoha Profesora Zafy Albert , ka rarin sy mendrika azy ny ho tsaroana amin'ny maha rain'ny demokrasia sy ny fampihavanam-pirenena azy. Ileo nandray anjara fitenenana toy ny avy amin'ny fianakaviana izay nosoloin'ny zanak'i Profesora Zafy Albert, ny Profesora Raymond Ragneva, ireo mpiray donak'afao tamin'ny Profesora Zafy Albert, ny Profesora Manoro Regis ary ny komity mpikarakara , ny ministris teo aloha, Tabera Randriamanantsoa dia samy nisaotra manokana ny ben'ny tanana Lalao Ravalomanana sy ny mpanolotsaina ao amin'ny kaominina Antananarivo tamin'ny nahanterahana izao fahatsiarovana ny rain'ny DEMOKRASIA sy ny FAMPIAVANAM-PIRENENA: Profesora Zafy Albert izao . Fankafana lalana ho amin'ny demokrasia sy ny fampihavanam-pirenena izao tontosa izao hoy Tabera Randriamanantsoa, izay no tena dikan'izao fanokana lalana izao hoy izy. Ny ben'ny tanana Lalao Ravalomanana hoy izy ho an'ny demokrasia eto Madagasikara amin'ny maha Reny azy. Ka enga anie hanjaka eto amin'ny firenena ny demokrasia sy ny fampihavanam-pirenena mba hisian'ny fandrosoana eto Madagasikara.

Heliosa



nana sy ny mpanolotsaina ao amin'ny kaominina Antananarivo tamin'ny nahanterahana izao fahatsiarovana ny rain'ny DEMOKRASIA sy ny FAMPIAVANAM-PIRENENA: Profesora Zafy Albert izao . Fankafana lalana ho amin'ny demokrasia sy ny fampihavanam-pirenena izao tontosa izao hoy Tabera Randriamanantsoa, izay no tena dikan'izao fanokana lalana izao hoy izy. Ny ben'ny tanana Lalao Ravalomanana hoy izy ho an'ny demokrasia eto Madagasikara amin'ny maha Reny azy. Ka enga anie hanjaka eto amin'ny firenena ny demokrasia sy ny fampihavanam-pirenena mba hisian'ny fandrosoana eto Madagasikara.

Nohon'ny fitarainan'ny mponina teny Tsimialonjafy Boriboritany faha-4 (CUA)

## Nanadio tatatra tsentsina teny Tsimialonjafy noho ny fitarainan'ny mponina

Nohon'ny fitarainan'ny mponina teny Tsimialonjafy Boriboritany faha-4, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ary noho ny fiparitahan'ny rano maloto teny amin'ny arabe sy ny sisin-dala, vokatry ny fahatsentsenany tatatra izay manary ny rano maloto, dia nandray andraikitra ary hatrany ny tao amin'ny departementa misahana ny lafiny ara-teknika teo anivon'ny boriboritany fahaefatra omaly maraina, nanala ireo fotaka sy fako nanentsina sy nanakana ny fikorianan'ny rano. Ny CUA dia manentana hatrany ny mponina tsy hanary fako any anaty tatatra fa izany no manentsina an'izy ireny. Inoana fa hanala ny fahasiranana ny mponina eny an-toerana izao asa izao ; ny CUA rahateo



Ny fanadiovana tatatra nataon'ny CUA teny Tsimialonjafy. dia vonona sy miasa hatrany ho an'ny mponin'ny CUA tamin'ny fandrasana andraikitra ny sefo Fokontany tao ao amin'ny fokontany Tsimialonjafy, RAKOTOMALALA André. Aly

FAHASALAMANA

## Polisy vaovao miisa 1098 nanome rà maimaimpoana

Nanome rà maimaimpoana ho an'ny vahoaka Malagasy ireo Polisy vaovao, vao nivoaka ny herinandro teo miisa 1098 tao amin'ny andiani "FENITRA", teny amin'ny HJRA Ampefiloha. Nitrika azy ireo ny Minisitry ny filaminan-bahoaka ny Contrôleur General de Police RAFANOME-ZANTSOA Roger ary nialaza fa: "fanampiana sy ho vonjy alina ho an'ireo mpiray tanindrazana no nanaovana izao adidy

Ny Valosoa

izao satria izay manome rà dia mamonjy aina, manome aina". Nisaotra ny Polisim-pireneny tompon'andraikitra avy ao amin'ny HJRA tamrin'izao hetsika izao nohon'ny fahafolazany ny râny ho famonjena ny mpiara-belona. Hiparitaka hiasa amin'ireo tanan-dehibe manerana ny Nosy ireto polisy vaovao vao nivoaka ireto, hiady amin'ny asan-jolahy, handamina ny fifa-moivoizana ihany koa.

Ny Valosoa



Ny fanomezan-drà nataon'ireo polisy vaovao tetsy amin'ny HJRA Ampefiloha.

Antananarivo Renivohipatra

## Tsy hijaly amin'ny tondra-drano intsony ireo mponina eny amin'ny faritra iva

Vita ny fanavaozana ny « station de pompage » etsy Andavamamba. Anahazo Isotry rehefa namborina sy nokarakanina nandritra ny 2 taona. Nahazo fotodrafitsa manaraka ny teknolojia avo lenta afaka mitroka sy mamarina ny rano maloto avy any amin'ireo fokontany manodidina azy ho any ivelan'Antananarivo araka izany ireo mponina izay eny amin'ny faritra iva. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohipatra (CUA) dia voavaly ny hetahetan'ireo mponina mahakasina ny fiakaran'ny rano eny amin'ireo faritra iva ary azo heverina ny tsy hisian'ny rano miakatra eny amin'ireo faritra ireo rehefa tonga ny fotoam-paha-




varatra. Nanambara ihanay koa ity tompon'andraikitra ity fa « station de pompage » dimy no miasa eto an-dRenivohipatra ary raha miasa araka ny tokony ho izy ireo dia ho foana tanteraka ny olan'ny mponina rehefa mikija ny orana eto andRenivohipatra. Omaly dia

tonga teny an-toerana avokoa ireo tompon'andraikitra izay nitoto nahafotsy sy nahandromahamasaka ity tetik'asa ity, mba hilery ny fahafitan'ny fotodrafitsa, ankoatra izay ihany koa dia nanao andrana ara-teknika ireo teknisianina manam-pahaizana avy

any ivelany. Raha araka ny voalazan'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohipatra hatrany dia tena manana andraikitra goavana ihany koa ny mponina amin'ny fikajiana sy fikoloana izao fotodrafitsa izao, toy ny fitandroana tanteraka ny fahadiovan'ny lakan-drano, ny tsy fanariana ny fako any anaty tatatra fa ahiana mety hanimba ny fotodrafitsa izany. Mamentana ny mponina araka izany ny Kaominina Antananarivo Renivohipatra mba samy hitandroy sy hanaja ireo fotodrafitsa izay natao, mba ho tombontsoan'ny be sy ny maro satria Antananarivo dia soa iombonan'ny Malagasy.

Aly

## SARIITATRA : Tsy miasa intsony ny dosie Miami fa kobaka am-bava fotsiny



Federasiona Malagasy ny baolina kitra

## Ny 24 aogositra ho avy izao no hatao any Ifaty Toliara ny fifidianana

Fantatra izao fa any Ifaty, distrikan'i Toliara II, amin'ny 24 aogositra 2019 ho avy izao no hatao ny fifidianana, izay ho filohan'ny Federasiona Malagasy ny baolina kitra vaovao, na filohan'ny FMF vaovao. Ankoatra izany, ho fantatra amin'ny 2 Aogositra izao ny lisitra ofisialin'ireo kandida ho filoha. Namoka il-sitra vonjimaika an'ireo kandida nahafeno pepetra sy nahatonga ara-potoana ny dosie fiotsahan-kofidiany ho filohan'ny Federasiona malagasy amin'ny baolina kitra ny Comité de Normalisation FMF afak'omaly. Enina no nametraka ny dosie, dimy no nahafeno fe-petra. Sady efa tara vao nametraka antotan-taratasy, no tsy nahazo ny « cautions 3 », na filohan'ny ligim-paritra telo farafahakeliny takiaina hiantoka ny fiotsahan-kofidiany, i Jean Noël Abel ka tsy voatazona. Manana hatramin'ny 26 jolay 2019 farafahatarany amin'ny 5ora hariva i Jean Noël Abel hanao fampakarana ny fanapanah-kevity ny Comité de Normalisation raha toka tsy afa-po. Doda Andriamiasasoas, Mohamed Abdillah, Arizaka Raoul Rabekoto, Hery Rasoamaromaka, ary Neypatraiky Rakotomamonjy no voatazona ny fiotsahan-kofidiany. Hivoaka amin'ny 2 aogositra 2019 ny lisitra ofisialin'ireo kandida ho filohan'ny Federasiona malagasy amin'ny baolina kitra (FMF), hatao amin'lo ihany koa ny antisapaka handaharana ireo kandida ao anaty « Bulletin unique ». 30 amin'ireo 37 nametraka antontan-taratasy fiotsahan-kofidianana kosa no voatazona ho kandida mpikambana ao amin'ny komity Mpanatanteraka ny FMF.

Lita



Ny tanan'an'Ifaty, hanaovana ny fifidianana ny ho filohan'ny FMF.

## Fikarohana momban'ny tany mamokatra Kaominina 23 no voakasika

Ho fanatsarana hatrany ny kalitaon'ny yokatra eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra dia nisy atrikasa falonolana ireo voka-pikarohana momba ny tany eto Vakinankaratra, nataon'ireo mpaniranava avy amin'ny Universite an'Antananarivo ny herinandro teo, tetsy amin'ny Imperial Hotel. Raha ny tsapa mantysy dia efa tsy mahaleo ny tolotra ny tinady eo amin'ny fikarohana momban'ny tany mamokatra ny fikarohana natao ny tany ahafahana mamokatra izay. Zava-dehibe araka izany ny fision'ny fikarohana tahaka izao raha ny nambaran'ireo tompon'andraikitra teo anivon'ny Faritra Vakinankaratra, nosolin'Andriamatoa Tale imadidy ny fampandrosoana eo anivon'ny Faritra, RAKOTOARIVELO Rivo Herindray nandritra ny fandraisany fitenenana, mba hahafantarana ny kallaon'ny tany ari indrindra ahafahana mampitombo ny yokatra, sy ahafantarana ihany koa ny karazamboly mety aminy. Izany rehetra izany dia mitodika sahaday amin'ny tanjon'ny fitondram-panjakana ankehitriny dia ny faheleovantena ara-tsakafo. Distrikti 4 tato anatin'ny Faritra no nanaovana ny fikarohana dia ny Distriktan'i Faratsihio, Betafo, Mandoto ary Antsirabe izay nahitana Kaominina miisa 23. Izany dia fiaraha-miasa tam'inny CONSORTIUM, CARITAS ANTSIRABE, FTMICPM ary ny ENTRE AIDE ET FRATERNITE. Ny ARES na ny "Académie de Recherche de l'Enseignement Supérieur" kosa no namsaty vola sy noentina nananteraka ny fikarohana. Izany no natao dia noho ny fahafantarana fa mihena ny yokatra miakatra ka tsy maharaka intsony ny filan'ny mponina andavanandro.

Solohery



**An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao**

Helisoa

Ny lanonana fitokanana ny lalana Pr Zafy Albert teny Ivandry omaly.

